# 365Tantara 47. Fitsapana fahamarinan-toetra



# 47.  Fitsapana fahamarinan-toetra

Tsy ho adinoiko mihintsy ny teny fohy nataon'ny mpampianatra matematika anay, indray andro, talohan'ny nizarany ny laza adina:

" Anio ry sakaiza dia fanadinana roa no asaiko ataonareo:

Ny voalohany rafitsary, ny faharoa fahamarinan-toetra.



Manantena aho fa ahomby amin'izy roa ianareo.

Raha tsy afaka amin'ny iray ianareo, dia aleo amin’ny rafitsary!

Hanana fahafahana bebe kokoa amin'ny asanareo ianareo hampihatra ny fitsipiky ny fahamarinan-toetra noho ny fitsipiky ny rafitsary.



Isan'andro dia misy fotoana foana hanaovantsika fanadinam-pahamarinana.

Ohatra, inona no ataontsika rehefa mandeha any amin'ny fivarotana ka diso famerim-bola ilay mpivarotra, mihoatra ny famerim-bola?

Tena mora ny tsy miteny. Sady hadisoany koa izany fa tsy antsika!

Rehefa tonga ny fotoana fanambarana ny hetra, moa ve isika mandika am-pahamarinana ny karamantsika rehetra ao amin'nytaratasy fanambarana ?

Mety hiteny isika fa efa maka ampahany betsaka amin'ny karamantsika ny fanjakana ka tsy misy maharatsy ny maka kely.



Marina ny tenin'ity mpampianatra.
Ny fomba fisainan'ny olona iray dia misy lanjany kokoa mihoatra amin'ny fahaizany sy ny vola ananany.

Fa izany fihetsika izany dia mitaky antsika voalohany indrindra mba ho marina eo anatrehan' ilay Andriamanitra izay tsy afaka fitahintsika sy izay hanomezantsika kaonty indray andro any.



Izao no ambaran'ny Tenin'Andriamanitra ao amin'ny Mika 6:8.

Izao no  ilain' i Jehovah aminao, dia izao ihany:
Ny hanao ny marina sy ny ho tia famindrampo ary ny hanaraka an' Andriamanitrao amin' ny fanetren-tena.